السنّة النبوية وعلومها
www.sunnah.global

# Ny irak'Allah dia matetika no niteny hoe : "Ry mpamadika fo, ataovy mafy orina amin'ny finoanao ny foko

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A), Niteny manao hoe : Ny irak'Allah dia matetika no niteny hoe : "Ry mpamadika fo, ataovy mafy orina amin'ny finoanao ny foko.", dia hoy aho hoe : O ry irak'Allah! Mino an'I Allah izahay sy izay noentinao ka matahotra ny aminay ve ianao? Namaly izy (S.A.W) : “Eny, ny fo dia eo anelanelan’ny rantsantanan’I Allah roa ka avadibadiny arak'izay tiany".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Ny ankamaroan'ny fitalahoan'ny Mpaminany (S.A.W) dia ny mangataka amin'I Allah ny amin'ny fiorenana mafy amin'ny finoana sy ny fankatoavana ary ny fanalavirana ny fivilian-dàlana sy ny fahaverezana, Talanjona i Anas bin Malik (R.A) tamin'ny fanaovan'ny Mpaminany (S.A.W) izany fitalahoana izany matetika, ka nilaza taminy ny Mpaminany (S.A.W) fa ny fo dia eo anelanelan'ny rantsan-tànan'I Allah roa, ary mamadika izany araka izay sitrany Izy. Ny fo no foibe itoeran'ny finoana sy ny fikomiana, ary ny fo dia mivadibadika matetika. Ny fo dia mivadibadika mihoatra ny rano mangotraka ao anaty vilany, ka izay tian'Allah dia hahitsiny amin'ny fahistiana ny fony, ary hatsatony ao anaty finoana, fa izay tian'Allah avily amin'ny fahitsina kosa dia mivily makany amin'ny fahaverezana.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3142

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee